Ny Valosoa sy hadihady

Kifetifety : mirentirenty fa tsy mahavaha olana

Andro vitsy sisa dia higadona ny Krismasy, ka efa somebiseby ny olona rehetra samy mitady izay mahasoa azy amin'ny fanomanana izany fety lehibe ho an'ny kristiana izany. Malaza moa ny "Dadabe Noely" amin'izao vanim-potoana izao, ka mitety toeram-pivarotana ny ray aman-dreny, hividianana kilalao ho an'ny zanany. Ampidirina ao an-tsain'ny ankizy fa Dadabe Noely no nanome izany ho azy ireo. Ny lehibe kosa etsy andaniny dia tsy mahatsiaro vizana sy lany faladian-kiraro mijery sy mividy lamba hanaovana akanjo vaovao ho entina mianjaika miaraka amin'ny kiraro vaovao ihany koa rehefa handeha hivavaka ny andro Krismasy. Tsy ny olona ihany no mifanjevo eny an-dàlambe eny fa mitohana tsy misy toy izany koa ny fiarakodia. Ny toeram-piasana sasany koa dia mizara ireo kojakoja ilaina hanaovana sakafo amin'ny fety (vary, menaka, akoho na hena,…). Tsy mahasakana ny fizotry ny fiainam-pirenena, indrindra ny sehatra politika, izany rehetra izany. Samy miezaka mandrirotra amin'izay tiany ny politisiana ary toa tsy hisy fiatoana, afa tsy ny andro Krismasy ihany angamba, ny fifandroritana ara-politika. Ny eo amin'ny fitondrana amin'izao fitondrana amin'izao fotoana izao dia mampirevy ny vahoaka no ataony, ka harentirenty ny jiro maro loko etsy Antaninarenina ary nananganana lampihazo lehibe mihitsy. Tsy vitsy amin'ny gasy koa moa no mahatsiaro ho drodroky ny adim-piainana ka mitoreho hoe "avelao aho aloha hanonofy". Natsangana koa ny Tranon'omby izay mitory ny toerana nahaterahan'i Jesosy Kristy; dia toriana ny fihavanana sy ny fifamelana kanefa tamin'ny fandraisana ny fitondrana dia tsy nisy Baiboly nanaovana fianianana satria tsy misy idiran'ny Finoana ny resaka. Mbola tapim-maso atao amin'ny vahoaka daholo izany. Rehefa mahazo ora maromaro hanadinoina ny fahoriana rehetra dia inona indray no tadiavina? Zaran'ny gasy sasany aza misy ireny zavatra mahadomelimelina ireny mba ialana vokona. Mitohy izany ny ezaka fisarihana ny sain'ny gasy hiaina sahady ao anatin'ny tontolo mirentirenty sy mamiratra toy ny any amin'ireo tanàn-dehibe any ivelany, ka velarina eny Antaninarenina ny bozaka sentetika tsy tonga volana ary mazava ao anaty maizina ny jiro maro loko rehefa amin'ny alina. Hifarana ihany anefa izany, ka rehefa tena tonga ilay masoandro mibaliaka dia miverina amin'ny fiainany an-davanandro izay mba nanonofy kely. Etsy ankilany kosa dia misy ireo tsy manadino sy tsy manaiky ny familiviliana ny safidy sy ny famerezan-jo azy tamin'ny fifidianana farany teo, ka hifamotoana eny amin'ny kianja mahazatra azy. Ireto farany izany dia mampifantoka ny Malagasy amin'ny fiainam-pirenena izay tena mikoroso fahana tanteraka ankehitriny. Mikorontana atsy, mitokona aroa, bodoina ny tanin'ny tantsaha najariany am-polo taonany, arodana ny tranon'olona efa nitsangana hatry ny ela satria lasan'ny vahiny ny tany niorenany, tsy fantatra hoe tamin'ny fomba ahoana. Difotry ny fahalovana ny firenena, milona ao anaty fotaka mandrevon'ny kolikoly ny Malagasy, voagejan'ny tahotra noho ny tsy fandriampahalemana ny mponina, mangozohozon'ny aretina ny valalabemandry satria tsy afaka mitsabo tena ary marefo ara-batana ireo tokony hamokatra noho ny tsy fanjarian-tsakafo ateraky ny fahakelezan'ny fahefa-mividy. Ampahatsiahivina ny Malagasy ireo toe-draharaha iainana ireo hitodiany amin'ny tena fitiavana ny Tanindrazana iombonana, fa tsy ho sodokan'ny mena miraviravy sy ny fampandriana adrisa ary ny fahafinaretan'ny maso mihelina ihany. Araka izany dia aza mandihy miakanjo ny akanjo halatra, ka miara-mirebika amin-doza.

Andry Tsiavalona

NY TENY FIAINANA

Hebreo 13:15

"Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany."

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Mijaly noho ny tsy fandriampahalemana ny mponina, indrindra ny amin'ny faritra Ambanivohitra

Radio Fréquence d'Alaotra 105.0 FM : nitrangana fanafihana indray tao amin'ny fokontany Ambohitromby Kaominina Ambanivohitra Ambodirano faritra Alaotra Mangoro ny alin'ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora. Antsy maranitra no fitaovana nentin'ireto jiolahy ireto nanatanteraka ny fanafihana. Vokany : mpivady no niara-maty. Ratompokovavy niezaka nanohitra ka dia voakapa tamin'ny antsy ny hatony; ratompokolahy kosa voakapa teo amin'ny lohany no sady voatsindrona ny tritriny ary vola mitentina 6 tapitra no lasa.

Michel Rakotoarivony : ny mpitandro filaminana tena mitandrina mafy @ zao ,ny namany gadraina nefa manao ny asany.

Bako Rasoa : ndriiiiy! Mampalahelo loatra! Mahereza tompoko!

Donny Andriamisaina : tena ratsy famono zalah zany le!

Lalao Herisoa : mba jereo ny vahoaka fa mijaly ry mpitondra, aza avangongo amin'ny tanàn-dehibe fotsiny ny mpitandro filaminana fa alefaso any ambanivohitra be any koa. Mahereza ny fianakaviana.

Robert Andriamialifidinanahary : jereo n vahoaka ts mandady harona ry be baoty fa mijaly @ tsy fandriampahalemana! Aza variana mamoritra mpanohitra antanàn-dehibe, fa jereo ny tena marary ny vahoaka any ambany ravin-kazo.

Salohy Ramiarinomezantsoa : tena mampalaelo. Aiza ny fanjakana amin'izany.e? Efa indroa izay no nisy ohatran'izao tany an-toerana.

Harimanana Randriantsitoharana : tsisy fo intsony ngamba tsika Malagasy sasany.

Kar Ran : ny be bôty mbola manao herim-pamorentana eny Ankatso sy Ambohipo.

Henrik Herizo : mba aiza le mpiaro zon'olombelona amin' izao zavatra miseho zao? Mangina tanteraka, rip!

Alinah Nivo Rasoa : vola 6 tapitrisa no namoizana ain'olona roa... Mahantra loatra isika Malagasy, tsy hita izay ataon'ny mpitondra.

VAHOAKA MITAKY NY FAHAMARINANA

Vonona hiaro ireo mpitsara ao amin'ny "Tribunal Administratif"

Mijoro amin'ny tsy rariny sy tsy ara-dalàna mitranga eto amin'ny firenena ny olom-pirenena tonga saina. Indrindra manolona ny hosoka sy hala-bato hitam-poko hitam-pirenena nandridra ny fifidianana Ben'ny tanàna, sy mpanolotsaina ny tanàna ny 27 novambra lasa teo. Maro ny porofo tsy azo lavina efa naseho tamin'ny haino amanjery sy ny fitaovantserasera samihafa, sy ny fijoroana vavolombelona nataon'ny olom-pirenena maro izay very zo, ka tsy afaka nandatsa-bato tamin'ny fifidianana farany teo. Asa tokoa na kisendrasendra na tena iniana natao mihitsy satria toa ireo olom-pirenena manana firehana politika mifanohitra amin'ny fitondrana amin'izao no latsaka tao anaty lisi-pifidianana ny anarany. Raha izay tokoa no marina dia tompon'andraikitra feno tamin'ny fitsimponana ny anaran'ireo olona efa fantatra mialoha, fa hifidy ny kandidà hafa ankoatra ny kandidàm-panjakana.

Mitaky ny fahamarinana ny Malagasy ary tsy hangiana manoloana tsy rariny sy ny tsy ara-dalàna. Marina fa ny fikarakarana ny fifidianana no anjara andrikitry ny CENI. Andraikitra feno iantsorohan'izy ireo ny fanomezana antoka amin'ny hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara. Raha ny zavamisy hatreto dia ny mifanohitra amin'izay no mitranga. Maika sy faingana ny CENI namoaka ny voka-pifidianana vonjimaika ny 09 desambra teo na dia mbola nanana herinandro aza. Tsy nohenoin'ireo mpitarika ny CENI akory ireo fitarainana sy antso avo nataon'ny olom-pirenena sy ny kandidà sasantsasany mialoha sy nandritra ary taorian'ny fifidianana. Anisan'izany ny fitakiana nataon'ny antoko Tiako i Madagasikara mba hisian'ny fampitahana ny lisi-pifidianana nampiasaina nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka sy ny lisitra nampiasaina tamin'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly farany teo, saingy tsy nahitam-baliny. Nanamafy izany ny Solombavambahoaka teo aloha Zafilahy Stanislas ary mbola nanampy, fa tsy tokony hisy intsony ny tsimatimanota fa hampiharina amin'ny manao ny tsy mety ny lalàna.

Mitodika any amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ny fanantenan'ny olom-pirenena miandrandra ny rariny sy ny ara-dalàna. Tsy tonga ho azy ny fifandrifiana eo amin'ny voambolana nandikana amin' ny teny Malagasy ny hoe "Tribunal administratif". Misy ny ady hatrehan'ireo mpitsara misahana ny famoahana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana Ben' ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly. Efa tsy zoviana amin'ny mpanara-baovao intsony ny teritery, ny antsojay ataon' ny tompom-pahefana amin'izy ireo, indrindra rehefa misy fanapahana andrasana amin'ireo mpitsara. Efa lasa zary teny vazivazy fanaon'ny olona amin'izao mihitsy ny hoe "Azo raisina fa tsy mitombina". Matoky ny fahendren'ireo mpitsara eo anivon'ny "Tribunal administratif" ny olom-pirenena ary vonona ny hanohana sy hiaro azy ireo amin' izay endrika fandrahonana atao azy ireo na avy aiza na avy aiza, hoy hatrany i Zafilahy Stanislas. Noho izany dia hirodorodo eny amin'ny kianjan'ny finoana eny amin' ny Magro Behoririka ny vahoakan'Antananarivo renivohitra sy i Madagasikara manontolo anio. Hijoro vavolombelona sy haneho ny tsy rariny, sy ny tsy ara-dalàna niseho tamin'ny fifidianana Ben' ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly ny 27 novambra teo.

Stefa

FJKM

Nihaona tamin'ireo zanany tompon'andraikitra eo amin'ny firenena

Fomba fiasa iray tanterahin'ireo tomponandraikitra eo anivon'ny sahann'ny FJKM ny mamory ireo zanaky ny fiangonana mitana andraikitra eo amin' ny firenena amin'izao fotoana izao. Ao anatin' izany no isian'ny fifampizarana eo amin'ny roa tonta. Izany indrindra no notanterahina omaly teny amin'ny Fjkm Andrainarivo Fahasoavana. Niantso ireo vato nasondrotry ny tany zanaky ny fiangonana ny tomponandraikitra ary hanao dinidinika sy fifanakalozan-kevitra. Anisany niompanan'ny fihaonana ny ady amin'ny kolikoly izay endriky ny fahalovana mhazo vahana eto amin'ny firenena. Taorian'ny fampianarana izay nentin'ny mpitandrinda Andriamampianina Zaka Hary Masy, mpanolotsaina ny Birazo Mpiandraikitra Foibe (BMF), dia niroso tamin'ny fizarana vaomiera maro ny rehetra, izay miompana amin' ireo sehatra manana ny lanjany eto amin'ny firenena, ka ahafahana mamoaka hevi-dehibe amin' ity ady amin'ny kolikoly ity. Ao anatin'izany ihany koa anefa ny lafiny fanentanana tsy ho an'ny hafa ihany fa ho an'ireo tonga nanatrika izany fotoana izany. Ny fehin-kevitra nivoaka tao anat(y asa sokajy izany dia noraisina avokoa ka haravona.

Nitarika ny fotoana tamin' izao fihaonana izao, dia ny Mpitandrina Poget Helivao. Nitoriteny kosa ny Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, Filohan'ny FJKM. Marihina fa tonga maro ireo zanaky fiangonana namaly ny antso ary anisan'izany ny kandidà Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, Rina Andriamasinoro.

Aris